


Eny r'Ingahy Rasolo. Arak'ilay fandaharan'i Latimer Rangers tao amin'ny Rnm dia voaray soa aman-tsara ny taratasinao nalefa mailaka. Koa dia indro, ho an'ny mpamakin'ny Madagate ny vontoatiny. Tsy nampiana, tsy nanalana fa nahitsy ny tsipelina diso.

**Jeannot Ramambazafy**

Rehefa tsy nanoratra ela ela I Rasolo dia betsaka no  nety nilaza hoe : resy na tsy mahita tenenina intsony matoa tsy miteny. Diso izany fa ny Tantara dia mbola mitohy ary saika marina daholo ny voalaza teto:

Ao ilay hoe: raha mbola tsy mahatsiaro tena foana ireo avy nitondra dia ry ingahy Ravalomana nana sy ny mpomba azy ankolaka sy mivantana izany; raha mbola mihevin-tena ho tsy nanao ratsy sy nanaotao foana izy ireo
**dia mbola ho lava io tetezamita io**
. Satria tadidio sy fantaro
ny Tantara fa izay mpitondra
avy nanaotao foana sy namono olona teo amin'ny fitondrany dia nahalala nipetraka
sy nifitsaka ary nangina daholo rehefa
voahala na voahilika, toa an-dry dadabe Tsiranana sy Ratsiraka taloha izany .

Hisy hiteny any hoe: samihafa ny taloha Rasolo a! Marina izany saingy tadidio fa nisy tolona fanonganana sy fanilihana ny jadona teto tamin'ny taona 2009 na inona filazana izany na inona. Ekena fa tolona nataon'ny ampaham-bahoaka aman'aliny sy aman'hetsiny manerana ny Nosy izany; tolona nataon'ny olona sahirana sy madinika; nataon'ny mpanao politika sasany voan'ny tsindry hazolena; tolona nataon'ny ampahana mpitandro filaminana natao ankilabao; tolona nataon'ny mpandraharaha voageja ara-ekonomika nohon'ny ampihimamba nataon'ny

orinasan-dRavalomanana: Tiko , Magro , Alma, sns.

Etsy andaniny dia misy koa anefa antokon'olona na sarangan'olona tsy nanao ny tolona 2009 ary mankahala mafy iny tolona iny dia ireo olona mpomban-dRavalomanana iringiriny izany: ireo sarangan'olona salasalany, ambony, avara-pianarana. Indrindra fa ny Merina sasany nahita tombotsoa na tsy nahita tombotsoa tamin-dRavalomanana fa nentin'ny resaka fihaviana amin'ny ankapobeny. Tao koa ny ankamaroan'ny ao anatin'ny fiangonana Fjkm satria filoha lefitra tao ingahy Ravalomanana, eny fa na hatramin'izao aza, sns. Eo koa ny mpanao gazety maro any anaty: Midi , Gazetiko ,Tia Tanindrazana , Valosoa , Taratra , Telonohorefy, Basy vava, Tribune…, sy ireo mpanao gazety tsy miankina maromaro.
Mody ny manodidina an-dRajoelina no haratsiana isan'andro isan' andro nefa ny fitondrana tetezamita sy ny filoha rajoelina mihintsy no tiana azera, sns.

Noho izany tsy mahagaga raha mitambatra ny Seces (mpampianatra ambaratonga ambony), Smm (fivondronan'ny mpitsara) ary ny mpiasam-panjakana ambony sasany, satria hatrany amboalohany, ny « *têtes pensantse »* na ny ati-doha vitsy ao anatin'izy ireo dia efa nankahala ny fitondrana nentin-dRajoelina, indrindra ny tao anatin'ny Seces. Efa nambarako, herinatona mahery, izay. Irika na kendrin-tohana fotsiny iny raharaha polisy sy mpitsara tany Toliary iny ; ary tsy tongatonga ho azy ny fiarahana, indrindra fa teo koa ny filazan-dRavalomanana hoe tsy maintsy ho avy ato ho ato. Efa vita ny planina hanakorontanana ny firenena.
Tsy miaro ny polisy vitsy nanaotao foana akory ny tena, fa apetraka ny fanontaniana hoe : fa mba nigrevy ve ireto Seces, Smm, mpiasam-panjakana ambony sasany ireto isaky ny nisy famonoan'olona marobe nitranga teto amin'ny firenena ? Ohatra ny tamin'ny taona 2009 ireny ? Ny valiny, Tompoko, dia TSIA: tsy nisy nigrevy izy ireo ; sa rehefa ny ao anaty *"corps"* ihany no misy maty dia izay ihany no izy , fa ny an'ny vahoaka tsy fatin'olona ?

Raha ny tokony ho izy dia tokony tsy ahomby izany grevy lava reny izany, ary tokony tsy ahasarika mpiasa maro. Eny Ankatso angamba no azo heverina fa hisy izany; mety hisy minisitera vitsy eo ampiandohana ahatarika ihany satria hisy ny fitarihana ankeriny, ankolaka na mivantana mpiasa sy ny fanafenana lakile (mety ho ny minisitera azon-dry Magro).

Ilay toe-tsaina mialohan'ny krismasy no tiana lazaina amin'izany rehetra izany : marina fa tsy fanao ny mitsara olona
fa izany
andro 22 desambra izany anie ka fotoana fanaovana
*« trêve »*
hisainana sy handraisana
ny Krisimasy e ! Nefa dia izany
grevy ao anaty Krisimasy izany no anaty fisainan-dry Seces, Smm , mpiasam-panjakana ambony sasany ; ary
*« entre parenthèse »*
no ilazana fa tamin'ny fifidianana diakona tany amin'ny fiangonana
Fjkm
sasany farany teo dia natao izay tsy ahalany izay olona manakaiky an'i Andry rajoelina, ary nahomby ny tetika. Toe-tsaina ohatra izany no mibaiko ireny olona ambony jerena ivelany ho mpivavaka ireny ary tsy mahagaga raha toa ataon'Andriamanitra
mihodikodina
migrevy izy ireny
satria tsy fantantr'izy ireny
izay ataony.

Misy lahatr'Andriamanitra izao zava-misy izao ary tsy tongatonga ho azy eo amin'ny fitondrana ny Filoha Rajoelina fa voatendry izy. Tsy anjely akory anefa izy sy ny manodidina azy. Mbola fanontaniana ny hoe: mbola voatendry ho Filohan'ny Repoblika ve izy sa ity Tetezamita ity ihany no nanendrena azy ? Ny tantara no hitsara izany

Mandra-panoratra dia mirary Fety faran'ny taona ho an'ny rehetra.

**Rasolo**